





**ZAVATRA ILAINA:**

Kankana ilay miaina amin'ny **akora organika** ety **ambony tany** fa tsy milentika anatin'ny atsoina hoe **kankana mena**: ireo no mamadika ny ankora ho lasa lombricompost

Sakafo omena ny kankana ahavelona azy ary mivadika ho lasa zezika :

- Fatin-javamaniry isan-karazany araka izay misy: zava-maitso mora lo tsy masiaka no tsy mangidy; ahitra maina na mololo
- Zezi-pahitra na tain'omby
- Hodim-bomanga, hodi-mangahazo, hodim-boankazo, ambin'anana tsy ampiasaina amin'ny nahandro.
- Potika taratasy



**FIKARAKARANA AZY:**



Tetehina tsara ireo fatin-javamaniry voatanisa



Manamboara toerana asiana ny zezika



Ny toerana asiana ilay fanamboarana zezika kankana dia mety daholo


- Azo atao an-kalamanjana na anaty trano
- Atao anaty lavaka
- Atao ambonin'ny tany asiana sisiny biriky na hazo fisaka na hazo boribory
- Atao ambony talatalana



Afangaro amin'ny zezipahitra sy ireo ambin-tsakafoa an-dakozia



Tondrahana rano dia afangaro tsara, apetraka amin'ny toerana maloka, avela hiotrika 6-10 andro mba ho lo.



Aparitaka eo ambony amin'izay ny kankana. Rarahana ranotain'omby mba hiainanan'ireo kankana afahan'ireo farany manodina azy ho zezika.



Rehefa voadina ny zezika ka hanasaraka izany amin'ny kankana dia asiana sakafo vaovao ka sarahina mitokana tsara ireo roa ireo. Atao maka sisiny tsara izany.



Mifindra ho azy eny amin'ilay sakafo vaovao ny kankana.



Afaka esorina ny zezika voadina izay ho ampiasaina.




Sivanina tsara aloha mialoha ny ampiasa ity farany.

**FAMPIASANA AZY:**



Azo ampiasaina amin'ny voly rehetra ny zezika azo avy amin'ny kankana. Na eny an-tanimbary na eny an-tanimboly.



Ankoatra ny zezika dia misy ihany koa ny ranonjezika azo «Lombrithé». Manana hery tsara izy io azo ato fanafody bibikely no atao zezika. Maka 1L lombrithé afangaro amin'ny rano 10L izay vao ampiasaina anondrahana ny voly

**Ny zezika kankana dia zezika tena tsara noho izy sady miaro amin'ny fanimbana ataon'ny bibikely amin'ny voly no manana taha avo amin'ny tsiro mineraly sy vitaminina ho an'ny zava-maniry.**